# TOROLALANA FAMETRAHANA “NUDGE” ENY AMIN’NY TOBIMPAHASALAMANA SY SEKOLY

Ity tahirin-kevitra ity dia entina hanoroana ireo tompon’andraikitra eny amin’ny Kaominina – tobimpahasalamana sy sekoly mikasika ny fametrahana “**Nudge**”.

## 1. Inona ny atao hoe “nudge”?

Ny “**nudge**” dia **famporisihina malefaka , mampahatsiahy na manosika na manoro** ireo olona hanatanteraka fihetsika iray amin’ny alalan’ny fanovana ilay toerana mba hanamorana ny fanantanterahana ilay fihetsika. Raha fintinina dia **apetraka ny nudge mba hitarika amin’ny fihetsika iray**.

## 2. Ireo karazana “nudge”

Miendrika karazany maro ny nudges fa santionany ihany ireto  notanisaina eto ambany ireto :




**a)** ***Fametrahana toromarika an-tsoratra*** **:**

ohatra: ity **soratra hoe “rano fisotro madio”** mba hakan’ny olona rano ao amin’io fitoerana io raha mila rano fisotro madio.

**b)** ***Fanoroana amin’ny alalan’ny sary na marika***



ohatra: **sarin-tongotra** mba ho marika mampahatsiahy hoe aiza no hijoroana rehefa hamany ao amin’io toerana io ka hahavoahaja ny elanelana.




ohatra: **marika/torolàlana** mitondra any amin'ny kabone



Ohatra: **sary tanana misasa amin'ny savony** eo amin'ny toerana fanasana tanana mba hanasan'ny olona tanana amin'ny savony rehefa mandalo eo amin'io toerana io

***c) Fanaingoana ilay toerana sy ny manodidina azy na fanamorana ny lalana mandeha eny amin'ilay toerana***



**Ohatra: nolokoina ny kabone** mba hanaitra ny olona hampiasa azy , **natsaraina ny lalana miditra ao amin'ny kabone** mba ahafahan'ny rehetra mampiasa azy;

**3. "Nudge" entina hamporisihana ny fanasana tanana amin'ny savony rehefa avy mandeha any an-kabone**


Entina hanamorana ny fanatanterahana ny fihetsika "**Fanasana tanana amin'ny savony aorian'ny fandehanana any an-kabone**", dia tohanana ireo sekoly sy tobimpahasalamana mba hampiasa ny **"nudge"**.

Indreto ary misy soso-kevitra amin'izany:

- **Fanoroana ny lalana mivoaka avy ao amin'ny kabone mankeny amin'ny fanasana tanana** amin'ny alalan'ny sary toy ny dian-tongotra na marika toy ny zana-tsipika fitarihana (flèche de direction)



- **Fametrahana marika na sary famantarana eo amin'ny toerana fanasana tanana** toy ny olona manasa tanana, sary tanana misasa amin'ny savony




- **Fanajariana sy fanatsarana ny lalana mitondra any amin'ny toerana fanasana tanana** amin'ny alalan'ny fanazavana ny lalana sy fanaingoana ny sisin-dalana amin'ny zava-maniry, fanajariana ilay lalankely amin'ny akora am-pelatanana toy ny vato, ny biriky sy ny sisa …






**4. Fanetsehana ireo mpisehatra eo an-toerana ho fametrahana ny nudge eny amin'ny tobimpahasalamana sy ny sekoly**

- Marihina fa ireo fanamboarana rehetra ireo dia azo tanterahina araka ny fitaovana eo ampelatanana ( loko, vatokely, briky , sy ny sisa…)

- Ny RANO WASH dia nisafidy hanohana tobimpahasalamana sy sekoly vitsivitsy amin'ny fametrahana nudge mitarika amin'ny fanasana tanana amin'ny savony ka hamatsy ireto fitaovana ireto :
    - *Peinture à l'huile*
    - *Peinture à l'eau*
    - *Xhite Spirit*
    - *Enduit extérieur*
    - *Brosse plate*
    - *Rouleau pour travaux*
    - *Couteau à enduire*

- Mba hahafeno ny "nudge" izay apetraka dia entanina ny sekoly sy ny tobimpahasalamana hanetsika ireo loharanon-karena rehetra eo an-toerana (olona – vola – fitaovana) entina hanamboarana ireo "nudge" mitarika amin'ny fanasana tanana, voatanisa eo ambony.